



# Fanantenana ho an'ny ankohonana ankehitriny

**Herinandro fiaraha-mivavaka ho an'ny ankohonana  
14-20 Febroary 2021**

Departemanta Fiainam-pianakaviana  
Fivondronamben'ny Ranomasimbe Indiana



## FANOROAM-PEJY

FAMPIDIRANA.....	3
ANDRO VOALOHANY- ANKOHONANA: SAROBIDY EO AM-PELANTANAN'NY MPAHARY .....	4
ANDRO FAHAROA- FANAMBADIANA MANARAKA NY TORO-HEVITR'I KRISTY .....	6
ANDRO FAHATELO -MANABE AMIN'NY FOMBA MAHOMBY .....	8
ANDRO FAHAEFATRA - VATOLAMPY SA FASIKA?.....	10
ANDRO FAHADIMY- TONGA MPIARA-DIA MIFANDRAY AM-PO.....	12
ANDRO FAHAENINA- MITENY AMIN'NY FAHASOAVANA.....	14

## FAMPIDIRANA

Valaketraka ireo ray aman-dreny ankehitriny miatrika ny fahasarotan'ny fitaizana ireo zaza ankehitriny. Amin'ny ankapobeny, maro ireo ray aman-dreny no very haja sy fahefana eo anatrehan'ireo zanany ka mahatonga ny fitaizana ho sarotra mihintsy. Vokatrizany, very hevitra tanteraka ireo ray aman-dreny miatrika ireo olana saro-bahana ka mitarika azy ireo ho ketraka tanteraka ary tonga sarotra ny mifehy ny fihetseham-po. Noho izany, mahazo vahana ny tsy fitovian-kevitra eo anivon'ny tokantrano ka mahatonga ny fahasarotan'ny fifandraisana eo anivon'ny ankohonana.

Mipetraka ny fanontaniana manao hoe: “Mbola misy fanantenana ihany ve ny hanavotana ny ankohonana?” Ny boky nosoratan'i Willie sy Eliane Oliver, talen'ny departemantan'ny fiainam-pianakaviana Foibe Advantista Manerantany, no nakana ny fehezanteny rehetra nandrafetana ity taridalana ity ho famaliana io fanontaniana io.

“ka hody ny sainy ho afaka amin'ny fandriky ny devoly, izay nanao azy sambo-belona hanao ny sitrapony.” II Tim 2:26



Pasitora Nirina Harifidy RAHERINJATOVO et Tsararindra  
Talen'ny Departemanta Fiainam-pianakaviana  
Federasiona Madagasikara Afovoany

## **ANDRO VOALOHANY- ANKOHONANA: SAROBIDY EO AM-PELANTANAN'NY MPAHARY**

Ny ankohonana no noforonin'ny Mpahary hanehoana fihetseham-po mafana. Eo amin'ny lahy sy vavy mpivady voalohany indrindra amin'ny alalan'ny fifanehoam-pitiavana. Eo amin'ny ray aman-dreny sy ny zanaka ary eo anivon'ny mpiray tampo. Ny angolan-teny no entin'ireo mpifankatia maneho ny rivo-pihetseham-po mahafinaritra arahana fifamihinana ho fankafizana ny fiarahana.

Tsy kisendrasendra anefa ny fanandramana lalovan'ny ankohonana. Drafitr'Andriamanitra ho an'ny olombelona hatrany am-piandohana mihitsy ny ankohonana. Io no vondron'olona ahazoantsika ny mombamomba antsika sy ny anarantsika ary ny fomba amam-panaontsika. Ny ankohonana no olona ananantsika fifandraisana maharitra sy ahazoantsika aina indrindra mazàna ny fiarahana aminy. Saika ao amin'ny ankohonana mandrakariva no ahazoantsika ny hery manosika voajanahary izay misy akony eo amin'ny tanjontsika sy ny nofinofintsika, ary na ny fahatsiarovantsika fiadanana aza – io no mamaritra ny mombamomba antsika marina na manosika ho amin'ny karazan'olona tiantsika hahatongavana.

Rehefa miresaka momba ny ankohonana isika, dia ny ray aman-drenintsika no tonga ao an-tsaina vaolohany, ny mpiray tampo, ny raibe sy renibe, ny nenitoa, ny dadatoa, ny zanaky ny mpiray tampo amin'ny ray aman-drenintsika, ny vady, ary ny zanaka. Indraindray aza raisintsika ho ankohonana koa ny namana, satria

- niara-nitombo tao amin'ny fiangonana iray na tao amin'ny tanàna iray isika,
- avy amin'ny tanàna na firenena mitovy isika,
- foko na faritra mitovy no misy antsika,
- nifampitondra toy ny ray sy ny zanaka isika na mifandray amin'ny fomba tena miavaka, na koa
- mitovy ny soatoavintsika na ny tanjontsika na ny zavatra tiantsika

Ny Baiboly, izay boky azo tamin'ny alalan'ny tsindrimandry ary manoritsoritra ny fifampiresahan'Andriamanitra amin'ny olombelona, dia milaza ao amin'ny toko voalohany amin'ny boky voalohany fa Andriamanitra no namorona ny fianakaviana. Amafisiny ny tombambidy ambony ananan'io singa fototra eo amin'ny fiarahamonina io eo imason'Andriamanitra, sy ny tokony ho tombambidiny eo imasontsika vokatr'izany.

Na dia teo aza ny drafitr'Andriamanitra ho amin'ny fahasambaran'ny fianakaviana, dia fantatsika rehetra fa tsy nizotra tsara araka izay nikendrena azy mandrakariva ny zavatra rehetra. Matetika no tsy mifankahazo ny mpivady. Matetika no mifarana amin'ny fisarahana ilay fanambadiana nokendrena haharitra hatramin'ny fahafatesana – na koa tsy mbola tonga any amin'ny fanambadiana akory ilay fiarahana dia efa teraka ny ankizy, avy eo misaraka ireo olondroa, ka teraka ny fangirifiriana be. Matetika no tezitra amin'ny andaniny sy ny ankilany ny ray aman-dreny sy ny zanaka. Mahatsiaro ho tsy voahaja ny ray aman-dreny, ny ankizy kosa mahatsiaro ho voafehy be loatra na afoin'ireo tokony ho nikarakara azy.

Matetika no mampisavorovoro saina ireo fanandramana ireo satria ny zavatra nandrandraintsika hitondra fahasambarana sy hafanana ary antoka indrindra no tena mifanohitra tanteraka amin'izany ho an'ny olona maro eto amin'izao tontolo izao, ary angamba ho anao mamaky ity boky ity amin'izao fotoana izao indrindra.

Ny fanantenana dia ao amin'ny fandinihana indray ireo fitsipika tian'Andriamanitra harahin'ny olona mba hahatonga ny fianakaviany ho araka izay namoronan'Andriamanitra azy.

Tsy natao hotopaza-maso fotsiny izany fitsipika izany fa ny fampiharana azy dia hanampy antsika hanandrana fifaliana sy hafanana ary fiadanana izay nokendrena hoentiny ny ankohonana.

I Stephen R. Covey, manam-pahaizana fanta-daza momba ny fianakaviana, dia nanoratra boky mitondra ny lohateny hoe “*The 7 Habits of Highly Effective Families*” (Ireo fahazarana fito ananan'ny fianakaviana tena mahomby) izay iresahany ny foto-kevitra manan-danja iray tena iankinan'ny fifaneraserana mahomby. Tsy inona izany fa ilay toe-tsaina mandray fepetra sy andraikitra mialoha ny hitrangan'ny toe-javatra iray. Asehon'io hevitra io fa misy elanelana eo afovoan'ny zavatra lazain'ny olona iray aminao sy ny fomba hamalianao azy. Ary eo amin'io elanelana io dia manana fahafahana sy fahefana hifantina ny valinteniny ny isam-batan'olona ao amin'ny ankohonana – izay lazaina sy ny fomba hilazana izany. Ary io valinteny io no tena fototry ny fitomboana sy ny fahasambarany amin'ny maha-fianakaviana azy. Tsy maintsy ampiharina anefa io fitsipika io mba hifehezana azy ka hahatonga fahombiazana eo amin'ny fifandraisan'ny mpianakavy. Na ahoana na ahoana, dia misy zavatra telo tsy maintsy mitranga eo anelanelan'izay lazain'ny iray ao amin'ny ankohonanao sy ny fomba hamalianao azy:

1. Mila miato ianao – avelao hitony aloha ny tenanao, fa tsy avy hatrany dia mamaly izay lazain'ny rainao na ny reninao na ny zanakao na ny vadinao.
2. Rehefa izay, dia tsy maintsy mieritreritra ny amin'izay tokony sy tsy tokony holazainao ianao.
3. Tsy maintsy mifidy ny valinteny sahaza ianao; izay hitondra fiadanana fa tsy ady manoloana ny toe-java-misy.

Mitaky fahatapahan-kevitra lalina ny fanorenana ankohonana manana ny maha-izy azy. Raha hanorina ihany tsy aleo manorina tsara? Koa manaova fanekena ny hifanerasera tsara, dia ho hitanao fa hamelana sy hitombo ao anatin'ny andro, ny herinandro, ny volana, ary ny taona mifandimby ny ankohonanao.

### **Dinidiniky ny mpianakavy**

1. Manao ahoana ny fomba fifampiresahana eo anivon'ny ankohonana misy anareo?
2. Inona ireo antony mahatonga ny tsy fisian'ny fifanakalozan-kevitra eo anivon'ny ankohonana?

## ANDRO FAHAROA- FANAMBADIANA MANARAKA NY TORO-HEVITR'I KRISTY

Ahitana torohevitra mahaso betsaka ao amin'ny Baiboly mba hampanjaka ny fifaliana eo amin'ny fifandraisan'ny fianakaviansika. Arakaraka ny iarahan'ny mpivady mamaky ny Tenin'Andriamanitra no hampifanaraka azy ireo amin'izay irin'Andriamanitra ho azy sy ho an'ny fianakaviany. Raha ny marina mantsy, dia tsy vitan'ny olombelona mandrakariva ny hiaro ny fitiavana amin'ny ratra na ny dona. Rehefa mampihatra ny Tenin'Andriamanitra eo amin'ny fifandraisan'ny mpianakavy isika, dia ho afaka hanome voninahitra an'Andriamanitra eo amin'izany fifandraisana izany. Tsy hitranga anefa izany raha tsy manokana fotoana isika mba hiarahana sy hiaraha-mitombo amin'ny alalan'ny herin'Andriamanitra.

Ny fahatanterahan'ny fikasan'Andriamanitra ho an'ny fanambadiana rehetra dia hazavaina ao anatin'ny fanoharana amin'ny fampiasana ny "kaonty ara-pihetseham-po" ny mpivady. Tahaka ny kaonty rehetra any amin'ny banky ihany ny kaonty ara-pihetseham-po. Afaka misintona vola avy ao amin'ny kaonty iray ianao raha misy vola ao anatiny. Ary fantatsika rehetra ny zavatra mitranga rehefa betsaka kokoa ny fisintonam-bola ataontsika ao amin'ny kaontintsika any amin'ny banky noho ny fandrotsaham-bola. Ho hita fa tsy ampy ny tahirim-bolantsika rehefa manoratra taratasim-bola ho amin'izany kaonty izany isika.

Toy izany koa no miseho eo amin'ny fifandraisan'ny mpivady. Raha ny maka, maka, ary maka fotsiny no ataonao eo amin'ny fanambadianao, fa tsy mandray anjara amin'ny fiadanan'ny vadinao aloha, dia tsy afaka ny hanantena hahazo zavatra avy amin'ny fifandraisam-panambadianareo ianao. Raha malemy fanahy amin'ny vadinao ianao, dia efa misy ny narotsakao ao amin'ny kaontiny ara-pihetseham-po. Arakaraka ny handrotsahanao ao amin'ilay kaonty ara-pihetseham-pon'ny vadinao no hahatsara ny fifandraisanao. Mitarika ho amin'ny fifandraisana ratsy ny mifanohitra amin'izany, izany hoe: ny fiezahana haka mihoatra noho izay omena.

Koa manao ahoana ianao eo amin'ny fandrotsahana ao amin'ny kaonty ara-pihetseham-pon'ny vadinao? Malemy fanahy ve ianao, mahari-po, manohana, mampahery, ary mamela heloka tsy tapaka? Sa mpanaraby, tsy manam-paharetana, mpitsikera, sarotiny, sarotra iarahamonina, ary mpanafintohina? Na sarotra manao ahoana aza ny fifandrasaina eo amin'ny fanambadianareo, dia azonao atsimbadika ny zava-drehetra raha toa ka manapa-kevitra ny hanomboka hanao ny zava-drehetra amin'ny fomba hafa ianao. Aza jerena amin'ny lafiny hoe "inona no azonao raisina" ny fanambadiana, fa manomboha mijery izany amin'ny hoe "inona no azonao omena". Rehefa izay dia jereo fa mitombo ary mitombo hatrany ny kaonty ara-pihetseham-pon'ny vadinao, mandra-pahatonga ny toetra tia mifanampy hanjaka betsaka eo amin'ny fifandraisanao.

Ireto fihetsika enina manaraka ireto dia afaka hanampy ny mpivady hamerina amin'ny laoniny ny kaonty ara-pihetseham-pon'ny tokantranony. Ny mpivady vonona ny hanandrana fara fahafahakeliny ny iray amin'ireto soso-kevira ireto dia tena ampoizina fa hahita fihatsarana avy hatrany eo amin'ny fifandraisany:

- Atsaharo ny fiheverana ny fanambadianareo ho tsy milamina!
- Mivavaha amin'ny fonao rehetra ho an'ny fanambadianao sy ny vadinao
- Mianara sy mampihara fomba fifaneraserana mahomby
- Tadiavo izay tian'ny vadinao ka ataovy, ary ataovy hatrany hatrany – ary tadiavo izay tsy tian'ny vadinao ka aza atao intsony!
- Mamelà heloka matetika
- Ataovy betsaka ny fihomehezana

Sady mahatalanjona sy mahafinaritra no sarotra ny fanambadiana. Mahatalanjona sy mahafinaritra satria novolavolain'ny Mpamorona izany mba hanehoantsika ny endriny. Sarotra satria mampikambana olombelona roa manan-kilema sy tsy tanteraka ary tia tena izany, ary mbola ho lasa manan-kilema sy tia tena kokoa aza izy ireo rehefa mivady. Ilain'ny mpivady ny miatrika io zava-misy io, ka hira-miasa tahaka ny ekipa iray sy ny samy mpinamana. Tsy

maintsy miara-miady amin'ny fahavalo izay mandrahona ny hanimba ny firaisantsika amintsika samy isika sy amin'Andriamanitra isika.

### **Dinidiniky ny mpianakavy**

1. Inona ireo toe-javatra miteraka fahatezerana?
2. Ahoana no hifehezana ny fihetsem-po?

## ANDRO FAHATELO -MANABE AMIN'NY FOMBA MAHOMBY

Mametraka fahaikana maro kokoa noho ny tamin'ny lasa rehetra ny fitaizana ankizy amin'izao fotoana izao. Vao mainka raharaha maika indrindra aza ny famolavolana ny toetry ny ankizy satria mifanehatra isan'andro amin'ny soatoavina toa mifanohitra amin'ny soatoavin'ny ray aman-dreniny izy ireo. Tototry ny hafatra mifanohitra avy amin'ny haino manan-jery, ny internety, ny olon-dehibe hafa, ary ny ankizy mitovy aminy izy ireo. Ireny hafatra mampisavorovoro saina ireny anefa dia mitarika ny ankizy ho amin'ny lalana iray izay mahatonga azy tsy hihontsona intsony eo anatrehan'ny faharatsiana maro eo amin'ny fiarahamonina, tahaka ny herisetra, ny haratsiam-pitondrantena, ny fanararaotana, ary ny fanavakavahana.

Na eo aza ireo fahaikana ireo, dia ny ray aman-dreny ihany no mbola fiarovana tsara indrindra afaka misoroka ny fandraisan'ny ankizy anjara amin'ny fitondran-tena mampidi-doza tahaka ny fidorohana zava-mahadomelina sy ny fisotroan-toaka, ny fanaovana firaisana ara-nofo mialoha ny fanambadiana, ary ny fikorontanana eo amin'ny lafiny fisakafoana. Ny ray aman-dreny izay mandray andraikitra mavitrika eo amin'ny fitaizana ny zanany dia hijinja any amin'ny farany ny valisoany, dia ny hahita ny zanany ho lasa olon-dehibe tomombana sy tompon'andraikitra. Tsy misy lalàna mipetraka mazava mikasika ny fanabeazana ary tsy misy zavatra tena azo antoka mikasika izany, saingy ny ray aman-dreny izay manokam-potoana betsaka indrindra iarahany amin-ianany no azo inoana fa hahataona ny zanany sy hahatonga azy ireo ho vonona hiatrika ny fiainana maha-olon-dehibe azy.

Misy fotoana izay ahitana fa toa andraikitra tsy misy lanjany ny fanabeazana, indrindra fa rehefa manolo lamban-jaza na mamaoka rano very, na koa miady hevitra momba ny fotoana tsy maintsy hodiaha an-trano sy momba ny efitrano maloto ny olona iray. Ny fanabeazana anefa no iray amin'ireo andraikitra manan-danja sy feno fahaikana indrindra nankinina tamin'ny olombelona. Eritrreto ny lanjan'ny fitaizana zaza iray izay tsy hoe ho mpankatò fotsiny, fa hitombo ka hanana toetra matotra sy tombambidy ara-dalàna, hifehy ny fihetseham-pony, ary hanana fifandraisana salama amin'ny hafa. Tena manan-danja tokoa ny fanabeazana.

Mazava loatra fa tsy misy ny ray aman-dreny tonga lafatra. Noho ny fahasoavan'Andriamanitra anefa, dia mety hitombo ho lasa olon-dehibe mendrika ny zanatsika, na dia nanana ray aman-dreny izay tsy tonga lafatra aza izy ireo. Tahaka izany koa, tsy tokony hanantena fahatanterahan-toetra eo amin'ny zanany koa ny ray aman-dreny.

Nanao fikarohana mivelatra momba ny fanambadiana sy ny fanabeazana i Dr. John Gottman, mpandalina malaza iray mikasika ny fomba fisainana sy ny fihetseham-po, ka manosokevitra fa ilain'ny ray aman-dreny ny miombona amin'ny fihetseham-pon'ny zanany. Ilain'ny ray aman-dreny ny ho tonga mpanara-maso ny fihetseham-po. Tokony hampiasain'izy ireo ny fihetseham-po tsara sy ratsy ho tombony fanararaotra mba hampianarana ny zanany ireo lesona manan-danja momba ny fiainana sy hanorenana fifandraisana ety kokoa miaraka amin'izy ireo. Milaza mazava tsara i Dr. Gottman fa ny fanaraha-maso ny fihetseham-po dia tsy midika fa tokony hanafoana ny fitsipi-pifehezana ny ray aman-dreny, fa hanampy azy ireo kosa izany hanana fifandraisan'ny ray aman-dreny sy zanaka mahomby kokoa.

Afaka ny ho mpanara-maso ny fihetseham-po ho an'ny zanany ny ray aman-dreny amin'ny fanarahana ireto dingana ireto:

1. Fantaro ny fihetseham-pon'ny zanakao.
2. Henoy amin'ny fo mahitsy ny zanakao.
3. Ampio ny zanakao hahita ny fomba iantsoana ny fihetseham-po tsapany.
4. Mametraka fetra raha eo am-pamakafakana ny vahaolana amin'ilay olana atrehina.

Ry ray aman-dreny, tsarovy fa manan-danja kokoa noho ny teny ny asa. Mandinika ny zavatra rehetra ataon'ny ray aman-dreniny ny ankizy. Angoniny ary alainy tahaka aty aoriana ny fomba niainan'ny olon-dehibe ataony môdely teo amin'ny fiainany, izay ataon'izany olona izany ary ny fomba fifandraisany amin'ireo manodidina azy. Mpampianatra tena mahomby tokoa ny fanehoana ohatra. Kanefa tsarovy fa tsy fitakiana izay lafatra izany, fa famelana ny zanakao hahita ny fanoloranao tena amin'ny fenitra ara-pitondrantena sy ny fenitry ny fivavahana



kristianina. Fanehoana ohatra ny amin'izay ataon'ny olona mendrika koa izany, raha sendra nanao fahadisoana izy: ny fialan-tsiny, ny firesahana amin'ny zanakao ny amin'ny ady maro izay efa natrehinao mba hiainana araka ny finoanao. Raha Kristianina ianao, ary mino an'i Kristy, dia zava-dehibe ny fanehoanao amin'ny zanakao ny fomba fiaina tahaka ny an'i Kristy fony tetỳ antany.

Eo amin'ny ray aman-dreny, ny fitiavana dia toy ny fiheverana mifantoka amin'ny zanaka, ny fahafoizana fotoana, ny fanohanana, ny fifandraisana ety, ny fametrahana fetra ary ny fanoloran-tena. Izany fitiavana tena marina sy miasa izany no mampifandray anao amin'ny zanakao. Izany fitiavana izany no mampianatra azy ireo hitia ny tenany sy hitia ny hafa. Ny zaza na ny olon-dehibe, izay tsy mahatsapa ho tiana dia manana fahasaratana amin'ny fitiavana ny tenany, ary sarotra ho azy koa araka izany ny mitia ny hafa. Ilain'ny zanaka ny mahafantatra fa misy mandre izay lazainy, ilainy koa ny mahatsapa fa manan-danja aminao izy ka mendrika ny hanokananao ny fifantohanao ny zavatra holazainy. Mahatonga azy hahatsapa ho tiana izany.

Tsy maintsy mikolokolo toe-tsaina feno fahavononana mandrakariva ny ray aman-dreny amin'ny alalan'ny fampirisihana ny zanany hanandrana zava-baovao. Ilainao ny mianatra mankalaza ny fahombiazana, ary manitsy ny tsy fahombiazana ho tahaka ny andrana izay manoro antsika ny zavatra tsy mety. Ny zaza izay mahazo dera sy fankasitrahana betsaka noho ny kiana sy fanomezan-tsiny dia hitombo sy hanana fijery miabo momba ny tenany. Ny ray aman-dreny manohana ny zanany dia manampy azy ireo hampitombo ny fahatsapan-tenany ho mahay sy mahavita zavatra, afaka hijoro ho an'ny fahamarinana ary tsy hitady ny fankatoavan'ny vondron'olona iray amin'ny fomba rehetra. Sarotra kokoa ho an'ny zaza mahatsiaro ho misy mpanohana ny ho azon'ny fitaoman-dratsy ataon'ny namana.

Rehefa mametraka fototra ho an'ny fitomboana miabo sy tomombana eo amin'ny fiainan'ny zanany ny ray aman-dreny, dia azo heverina tokoa ny hahatonga izany zaza izany amin'izay irian'Andriamanitra ho azy. Ho hain'ny zanakao ny hanao safidy tsara eo anatrehan'ny fanapahan-kevitra sarotra, tsy ho mora voahozongozon'ny hevity ny hafa izy amin'izany. Ho hitany fa tombontsoa ho azy ny fananana toetra matanjaka miaraka amin'ny fahaizana mifehy ny fihetsehampo, tsy ho azy irery anefa fa ho an'ny fianakaviana sy ny fiangonana ary ny fiarahamonina koa, satria efa noraisiny ny fanorenana mafy hananana fiainana feno fahasalamana.

## Dinidiniky ny mpianakavy

1. Inona avy ny andraikity ny ray aman-dreny eo amin'ny fitaizana?
2. Inona no tokony hatao eo anatrehan'ireo fihetseham-po tsy voafehy?

## ANDRO FAHAEFATRA - VATOLAMPY SA FASIKA?

Ao amin'ny Mat. 7:24-27, i Jesôsy dia nanao izao toriteny izao teo an-tendrombohitra:

“Koa amin'izany na zovy na zovy no mandre izany teniko izany ka mankatò azy, dia hoharina amin'ny lehilahy manan-tsaina izy, izay nanorina ny tranony teo ambonin'ny vatolampy. Ary latsaka ny ranonorana, ka nisy riaka be, sady nifofofoto ny rivotra ka namely izany trano izany; nefa tsy nianjera izy, satria efa naorina teo ambonin'ny vatolampy. Fa izay rehetra mandre izany teniko izany, nefa tsy mankatò azy, dia hoharina amin'ny lehilahy adala, izay nanorina ny tranony teo ambonin'ny fasika. Ary latsaka ny ranonorana, ka nisy riaka be, sady nifofofoto ny rivotra ka namely izany trano izany; dia nianjera izy, ka loza ny fianjerany”.

Olona maro no mihevitra fa mandeha ho azy ny maha-olona tsara azy, na ny Kristianina aza, satria manaiky foto-pinoana sasantsasany, kanefa tsy noraisiny eo amin'ny fiainany andavanandro ireo soatoavina hita ao amin'ny fampianaran'i Jesôsy. Ary satria izy ireo tsy tena nino ireo foto-pampianarana mba hananana fiainana miorina amin'ny fitondrantena tsara, dia tsy noraisiny ny hery sy ny fahasoavana nomeny azy hahafahany manao araka izay nanirahan'Andriamanitra azy mba hahazoany fifaliana lehibe kokoa eo amin'ny fiainany.

Miresaka momba ny fanambadiana mirindra i Paoly, ka manambara araka ny tsindrimandry avy tamin'Andriamanitra ao amin'ny 1 Kôr. 13:1-8 hoe:

“Na dia miteny amin'ny fitenin'ny olona sy ny anjely aza aho, kanefa tsy manana fitiavana, dia tonga varahina maneno sy kipantsona mikarantsana aho. Ary na dia manana faminiana aza aho ka mahalala ny zava-miafina rehetra sady manana ny fahalalana rehetra, ary na dia manana ny finoana rehetra aza aho ka mahafindra tendrombohitra, kanefa tsy manana fitiavana, dia tsinontsinona aho. Ary na dia omeko hohanin'ny malahelo aza ny fananako rehetra, ary na dia atolotro hodorana aza ny tenako, kanefa tsy manana fitiavana aho, dia tsy mahaso ahy akory izany. Ny fitiavana mahari-po sady mora fanahy; ny fitiavana tsy mialona, tsy mirehareha, tsy mieboebo, tsy manao izay tsy mahamendrika, tsy mitady ny azy, tsy mora sosotra, tsy manao otri-po, tsy mifaly amin'ny tsi-fahamarinana, fa miara-mifaly amin'ny fahamarinana kosa, mandefitra ny zavatra rehetra, mino ny zavatra rehetra, manantena ny zavatra rehetra, maharitra ny zavatra rehetra. Ny fitiavana tsy ho levona mandrakizay.”

Tsy azo lavina fa namorona ny fanambadiana sy ny fianakaviana Andriamanitra ho fitahiana sy fifaliana ho an'ny taranak'olombelona. Ny maha-nofo iray ihany voalaza ao amin'ny Gen. 2:24 dia natao hanafonana ny fahatsapan'ny lehilahy ny tenany ho irery ao amin'ny Gen. 2:18, 20. Natao hitondra soa izany maha-nofo iray ihany izany. Simban'ny faharatsiana anefa ny zavatra rehetra noforonin'Andriamanitra hahasoa antsika. Izany faharatsiana izany, izay ampirisihan'i Satana mafy, dia toa mahomby miaraka amin'ny fanampian'ny mpivady marobe izay nanadino tanteraka ny tanjon'Andriamanitra mikasika ny fanambadiana.

Rehefa mandinika ny foto-kevitra mafy orina sy ny fahamendrehana aharihary ao amin'ny fahendren'ny asa soratry ny Baiboly ianao, dia tokony hanontany tena raha manorina ny fanambadianao sy ny tokantranonao eo ambony vato na fasika. Raha resahinao fotsiny ihany ny zavatra tokony hatao kanefa tsy tanterahinao, moa ve ianao tsy mamita-tena ihany ary mandalo fotsiny eo akaikin'ny fifaliana sy ny fiadanana ary ny fitahiana maro izay tian'Andriamanitra hanananao eo amin'ny fiainam-panambadianao sy ny fianam-pianakavianao?

Rehefa mitady ho hadinontsika fa tonga lafatra ny fandaharan'Andriamanitra ny fiainantsika ary nataony hahasoa antsika izany, dia zava-dehibe ny fandraisantsika fanapahan-kevitra hanatona Azy mba hianatra Aminy ary handray hery avy Aminy ka ho afaka miaina araka ny drafitra nomaniny ho an'ny fiainantsika. Ny olana rehetra eo amin'ny fanambadiana sy ny fianakaviana mantsy dia olana ara-panahy izay tsy voavaha raha tsy amin'ny alalan'ny herin'Andriamanitra irery ihany. Rehefa ampiharinao ireo fampianarana napetrany mba harahinao, dia manorina ny fanambadianao sy ny fifandraisan'ny fianakavianao eo amin'ny fototra mafy ianao, fa tsy eo ambony fasika. Fantatsika ihany koa fa ny olana rehetra dia fotoana iray natao hitomboana, ary anio no fotoana hitomboanao.

Mba hananana tokantrano sy fianakaviana sambatra, dia zava-dehibe tokoa ny hisian'ny fifandraisana tsara. Matetika isika no tsy manana izany fifandraisana tsara izany noho ny fahazarana izay efa niainantsika tany amin'ny ankohonana niaviansika. Mametraka eritreritra raiki-tapisaka ao an-tsaina isika amin'ny filazana hoe: "Efa toy izaho aho, tiavo aho na ilaozy. Olona tsara aho. Milatsaka an-tsitrapo mamahana ireo tsy manan-kialofana sy manao asa soa marobe aho".

### **Dinidiniky ny mpianakavy**

1. Ahoana no hahatsapana fa misy olana eo amin'ny mpivady, ray aman-dreny sy ny zanaka?
2. Inona no tokony hatao manoloana ireo olana ara-pifandraisana?

## ANDRO FAHADIMY- TONGA MPIARA-DIA MIFANDRAY AM-PO

“Mora ny manambady, sarotra kokoa ny mijanona ao amin'ny fanambadiana. Ny mampitoetra ny fahasambarana ao amin'ny fanambadiana kosa dia heverina ho anisan'ny hay kanto.”

Izao no fomba famaritan'ny rakibolana iray izay hitanay taloha ela izay momba ny fifandraisana ety ao anatin'ny fanambadiana: “fatoram-pitiavana, izay miorina amin'ny fifanampiana, fifampiheverana, fandraisana andraikitra, fitokisana, fifampiresahana mivelatra eo amin'ny fihetsehampo sy ny fientanam-po, ary koa fifanakalozan-kevitra tsy misy sakantsakana mikasika ny fisehoan-javatra manan-danja”.

Ny famaritan'ny rakibolana ny mpiara-dia dia tsotra: “mitambatra na mifandray amin'ny fifandraisana ifanakalozana, tahaka ny fitoviana na ny fisakaizana.” Ny heviny hafa hitanay dia izao: “fikambanana ara-dalàna, toy ny amin'ny alalan'ny fifanekena, fivondronana, fanambadiana na ny tahaka izany.”

Araka izany, ity toko ity dia miresaka ny amin'ny fampivelarana ny fifandraisanao amin'ny vadinao, fifandraisana izay ety sy mampiray anareo. Ny mpivady izay mifandray ety dia mifanakaiky tokoa ara-pihetsehampo, ara-bola, ara-panahy ary ara-tsaina; ary mifanohana izy ireo rehefa tojo fihaikana avy amin'ny hery na olona ety ivelany.

I Ellen White, mpanoratra kristianina izay nanoratra boky maro tamin'ny taonjato fahasivy ambiny folo sy ny fiandohan'ny taonjato faharoapolo, dia nilaza izao teny izao: “Na dia tamim-pitandremana sy tamim-pahendrena fatratra aza no nidirana tao amin'ny fanambadiana, dia vitsy ny mpivady tena tafakambana tanteraka eo amin'ny fotoana anaovana ny fanambadiany. Ny tena firaisana marina eo amin'ny fanambadiana dia asa ataon'ny taona maro aorian'izany”.

Ny marina momba ny fanambadiana dia izao: na hafiriana na hafiriana no nifankafantaran'ny olon-droa mialoha ny nirosoany ho amin'ny fanambadiana, na mifanentana manao ahoana aza ny fahitana azy ireo, dia hiafara amin'ny fifampihatakatahana sy ny fisarahana izany noho ny maha-mpanota sy olona tia tena antsika.

Ny safidy tsara indrindra azontsika atao mba ho tonga mpiara-dia mifandray am-po dia ny minia mamboly fifandraisana akaiky amin'ny andaniny sy ny ankilany amin'ny alalan'ny herin'Andriamanitra. Koa satria avy amin'Andriamanitra ny fanambadiana, dia tiany raha ho fitahiana ho antsika izany, ho an'ny fianakaviansika sy ny mpiara-monina amintsika ary ho an'izao tontolo izao. Ilaintsika ny mitoky Aminy fa hanome antsika ny faniriana sy ny hery lzy hikoloana ny halemem-panahy sy ny faharetana izay hitarika antsika hanana tokantrano sambatra.

Ny Testamenta Vaovao rahateo dia milaza ao amin'ny Mat. 19:26 hoe: “Ary Jesosy nijery azy ka nanao taminy hoe: Tsy hain' ny olona izany, fa hain' Andriamanitra ny zavatra rehetra”. Araka izany dia tokony hianatra mitoky amin'Andriamanitra isika mba hanampiany antsika hanana ny tokantrano tiantsika hananana.

Ny mpiara-dia akaiky, araka izany, dia midika hoe mifandray tanteraka amin'ny vadinao ara-pihetsehampo, ara-bola, ara-panahy ary ara-tsaina ka “mihanjahanja kanefa tsy menatra ny amin'izany”. Ny hoe mihanjahanja dia midika hoe tsy misy na inona na inona manelanelana anao sy ny vadinao. Araka izany, ny hoe mihanjahanja ara-pihetsehampo, ara-bola sy ara-panahy ary ara-tsaina dia midika fa tsy misy zavatra afeninao ny vadinao satria miseho amin'ny endrika tena izy ianareo, tsy mitranga anefa izany raha tsy efa nikolokolo fifandraisana anjakan'ny fifampitokisana ianareo. Midika izany fa efa nanapa-kevitra ny hifampatoky ianareo rehefa samy nanaporofa fa azo itokiana.

Mamerina amintsika ny fikasan'Andriamanitra ho an'ny fanambadiana izany, izay hitantsika ao amin'ny andalan-tenin'ny testamanta vaovao ao amin'ny Mat. 19:6: “ka dia tsy roa intsony izy, fa nofo iray ihany. Koa amin'izany, izay nampiraisin'Andriamanitra dia aoka tsy hampisarahin'olona”.

Tena zava-miafina tokoa ilay maha-nofo iray ihany izay resahin'ny Baiboly ao amin'ny andalan-tenin'ny Genesisy, satria dia olona roa, izany hoe lehilahy iray sy vehivavy iray no

mikambana araka ny 1 Kôr. 7:23, mba hamorona olona iray vaovao. Tsy midika anefa izany fa voafiana ao amin'ny maha-izy ny iray ny ankilany. Tsy izany fa misy olona roa samy hafa, miaraka amin'izay mampiavaka azy ireo avy, izay zavatra tiany sy tsy tiany, nisafidy ny ho tonga "isika". Araka izany, rehefa maratra ny andaniny, dia maharary ny ankilany izany, ary rehefa faly ny iray dia faly koa ny iray, satria efa nisafidy ny ho tonga mpiara-dia mifanakaiky tanteraka izy ireo.

Misy ny fanantenana ho an'ny fianakaviana ankehitriny rehefa misy ny fahatakarana mazava ny antony mahatonga ny fisarahana sy ny fifampiolonolonana eo amin'ny fanambadiana, mba hanalaviran'ny mpivady izany karazan-toetra izany. Ny fantatsika, araka ny fikarohana momba ny fanambadiana, dia misy ny fefy ho an'izany maha-iray azy izany izay ilain'ny mpivady apetraka raha tiany ny ho tonga mpiara-dia mifandray am-po.

Anisan'ireo sakana tsy hisian'ny fifandraisana am-po resahintsika ny fitondrantena tahaka: (1) ny fiarovan-tena sy ny tahotra ny hailika, (2) ny fahotana sy ny fitiavan-tena, ary (3) ny tsy fahampian'ny fahalalana.

Noho ny fanandramana niainan'ny maro amintsika teo amin'ny fitomboany, dia manana fironana hiaro tena isika ary matahotra ny hailika rehefa manana hevitra tsy mitovy amin'ny antsika ny hafa. Mariky ny fiahiahiana izany. Mampalahelo anefa fa fahita ao anatin'ny tokantrano izany toetra izany. Mazava loatra fa efa noresahintsika ny amin'ny maha-mpanota antsika rehetra, izay fototry ny fitiavan-tena. Tiantika raha araka izay nilazantsika azy ny fandehan'ny zavatra rehetra, satria izay no nolazaintsika. Manasarotra ny hifandraisana am-po amin'ny olona izay mety hanoso-kevitra anao hanao zavatra mifanohitra amin'izay tianao hatao izany. Farany, tsy ampy ny fahalalana ilaina mba hananantsika fifandraisana misy fifanakaikazana am-po. Tsy haintsika izay tokony hatao mba hifampiresahana amin'ny fomba mahomby. Tsy haintsika ny mifehy ny fifandonana. Tsy haintsika ny tokony hatao mba hisian'ny fifanakaikazana eo amintsika. Araka izany dia tsy azo heverina ny hahatonga ny mpivady ho mpiara-dia mifandray am-po rehefa misy ireo sakana ireo eo amin'ny fifandraisana rehetra ao anatin'ny fanambadiana.

Ny hoe mpiara-dia mifandray am-po dia midika ho fananana ireto manaraka ireto ao amin'ny fifandraisan'ny mpivady. Voalohany, ny maha-nofo iray ihany, izay resahin'ny Baiboly. Izany dia fifanekena ho iray ara-pihetsehampo, ara-bola, ara-panahy, ara-tsaina ary ara-batana izay tokony hisy eo amin'ny fanambadiana mahomby rehetra. Faharoa, ny faharetana, izay tsy inona fa fanokanan-tena ho vadin'ny andefimandrinao mandra-pahafaty. Tsy midika izany fa tsy tia anao Andriamanitra raha misara-panambadiana ianao, tsy miankina amin'ny toerana misy anao ara-panambadiana ny fitiavan'Andriamanitra anao. Halan'Andriamanitra anefa ny fisaraham-panambadiana satria mampisaraka sy mandratra ny olona izany. Mamono ny faharetan'ny fanambadiana ny herisetra sy ny fampirafesana. Araka izany, dia tsy maintsy halavirina amin'ny fomba rehetra izany mba hahafahana mianoka ao amin'ny fifandraisana ara-panambadiana tian'Andriamanitra hanananao. Fahatelo, ny fisokafana, izay midika ho tsy fisian'ny fanafinafenan-javatra amin'ny vadin'ny fifandraisana tsy misy fiafinafenana izany. Tontolo anjakan'ny fahatoniana sy fifampikolokoloana satria samy mahatakatra izy ireo fa ao anatin'ny ekipa iray ka tsy manan-javatra ifanafenana.

Ny ho lasa mpiara-dia mifandray am-po dia fanapahan-kevitra raisina ny ho mahari-po sy malemy fanahy amin'ny vadin'ny fifampiarovanareo eo anatrehan'ny olon-kafa rehetra ivelany izay mitady ny hanaratsy sy hanimba ny fifandraisana eo aminareo. Toe-tsaina kolokoloana isan'andro izany mba hahatonga ny fifandraisanareo mivady hitondra fahasambarana sy fahatanterahana ary fahafaham-po.

Izany no fifandraisan'ny mpivady irina hananan'ny rehetra.

### Dinidiniky ny mpianakavy

1. Nahoana no manao voadim-panambadiana?
2. Inona no hevitra ny voadim-panambadiana?

## ANDRO FAHAENINA- MITENY AMIN'NY FAHASOAVANA

Ny olona maniry ny hanana fifampiresahana tsara amin'ireo olon-tiany dia miaina fifandraisana mahafinaritra eo anivon'ny ankohonana misy azy. Raha mieritreritra momba ireo olona tena tianao izay ao amin'ny ankohonanao ianao, dia hihaiiky mora foana fa ireo olona tianao indrindra no mahasambatra anao vokatry ny fomba firesany aminao sy fihainoany anao.

Ny fifampiresahana amin'izao vanimpotoana izao dia maneho tsy fifanajana. Ny fomba fiteny masiaka dia zary lasa mahazo vahana. Raha tianao ho tsara sy ho salama ny fifandraisana ao amin'ny ankohonanao, dia zava-dehibe ny mianatra miteny amin'ny fahasoavana.

Rehefa miteny isika hoe fahasoavana, dia miresaka momba ny foto-kevitra ara-panahy izay manondro ny tombontsoa omena izay tsy mendrika izany sy ny fitiavana omen'Andriamanitra maimaimpoana ho an'ny zanak'olombelona. Tsy mendrika ny fahasoavana isika. Tahaka izany koa no hamelan'Andriamanitra ny fahalementsika na dia tsy mendrika ny famelan-keloka aza isika, ny hoe miteny amin'ny fahasoavana dia miteny amin'ny olona anankiray amin'ny fomba tsy mendrika azy.

Izao no lazain'ny testamentsy taloha ao amin'ny Ohab. 25:11: "Ny teny atao amin' ny antony dia paoma volamena ao anaty vilia volafotsy tsara soratra."

Amin'izany fomba izany no hahafahan'ny fianakaviana manorina fiainana feno fiadanana sy fifaliana, amin'ny fampiasana ny teny tahaka ny fanomezan-tsarobidy vita amin'ny volamena sy volafotsy izay ifanolorany isan'andro, na dia mety tsy mendrika izany aza ilay olona tiany. Azonao atao ve ny mieritreritra olona iray ao amin'ny fianakavianao izay mila ny fampiasanao fahasoavana rehefa miresaka aminy ianao?

Izany hevitra izany dia mampirisika ny olona hiaina ao anatin'izay antsoiny hoe "faritra voafehy" fa tsy ao anatin'izay antsoina hoe "faritra tsy voafehy". Rehefa miaina anaty "faritra voafehy" ianao dia mandany ny fotoanao bebe kokoa amin'ny fifehezana ny hany olona azonao fehezina marina, dia ny tenanao izany. Izany dia mifanohitra amin'ny fiainana ny ampahany betsaka amin'ny fiainanao anatin'ny "faritra tsy voafehy", izay andanian'ny olona ny ankabeazan'ny fotoanany hifehezana ny hafa. Ny olona mahita mialoha izay ilaina dia miaina ny fiainany ao anatin'ny "faritra voafehiny" ary mahay miteny amin'ny fahasoavana kokoa mihoatra noho ireo olona mandany ny androm-piainany ao anatin'ny "faritra tsy voafehiny".

Izao mantsy ny marina: tsy azonao fehezina ny vadinao, ny zanakao, ny mpiray tampo aminao, ny ray aman-dreninao na ireo havanao. Ny tenanao ihany no azonao fehezina. Koa rehefa misy olona milaza zavatra tsy dia tsara loatra aminao, dia mahaso kokoa ny mampiasa ny fotoana hamolavolana ny fihetsika asetrima izany amin'ny fitoniana sy fahasoavana fa tsy amin'ny fampiasana ny herinao amin'ny fiezahana hanova azy ireo. Araka izay efa voalazantsika tany aloha dia misy elanelam-potoana eo amin'izay lazain'ny olona iray aminao sy izay avalinao izany. Araka izany, mialoha ny hamalianao, dia aza hadinoina ny manao ireto zavatra telo ireto ao anatin'izany elanelana izany: miato, mieritreritra ary misafidy.

Rehefa miteny zavatra izay tsy tiantsika ny olona iray dia manana fironana hamaly avy hatrany sy tahaka izay fomba nanaovany izany tamintsika isika. Mba hitenenanao amin'ny fahasoavana anefa, izany hoe mamaly amin'ny fomba tsy mendrika ilay olona niteny, dia ilainao ny mahita mialoha izay ilaina, ny miaina ao anatin'ny "faritra voafehinao", ny miato, mba hanananao fotoana hisefoana mialoha ny hilazana zavatra izay hiteraka ratra na ny ratsy kokoa noho izany aza. Mandritra izany fe-potoana izany, izany hoe mialoha ny hamalianao, dia ilainao ihany koa ny mieritreritra ny amin'izay teny tsy tokony hambara sy izay tokony holazaina mba hanatsara ny toe-javatra. Farany, ilainao ny misafidy ny valiny tokony haseho. Ny valiny mety dia izay mampilamina ny toe-javatra fa tsy izay manapoka solika amin'ny afo efa mirehitra. Izany no hevitra ny hoe mampiasa ny teny ho toy ny fanomezana volamena sy volafotsy.

Ny olona izay tsy mihevitra loatra ny hanorina fifandraisana tsara eo amin'ny mpianakavy dia monina ao anatin'ny faritra tsy voafehiny. Raha tokony hanao safidy amim-pitandremana izy eo amin'ny fomba famaly rehefa miresaka amin'ny olona ao amin'ny ankohonany, dia manome tsiny ny hafa ho nahatonga ny ady no ataony sy mahatsiaro ho manana ny marina rehefa manao

teny mandratra ny hafa. Ny olona tahaka izany dia mpamaly bontana fotsiny fa tsy mifidy ny hifehy mialoha ny toe-javatra. Tsy manisy elanelam-potoana eo amin'izay lazain'ny hafa sy ny valinteniny izy, ary tsy mieritreritra ny ho vokatra sy fiantraikan'ny valinteny ataony eo amin'ny fifandraisany amin'izany olona izany. Araka izany dia tsy maka fotoana iatoana izy, tsy mieritreritra ihany koa, ary tsy manao ny safidy tsara ho an'ny fahasalaman'ny fifandraisany amin'ireo olona ao amin'ny ankohonany.

Matetika ny olona no milaza fa sarotra loatra ny mitandrina tsy handratra ny fihetsehampon'ireo olona tiana tahaka izany. Lazain'izy ireo fa tsy ilaina ny manao izany, ary tokony tsy ho mora tohina loatra koa ny hafa, satria tsy azo sorohina ny hisian'ny ratra rehefa miresaka amin'ny hafa isika.

Saro-pady ny fifandraisan'ny mpianakavy, ary mila fitandremana lehibe ny resaka ifanaovana eo anivon'izany fifandraisana izany. Raha mitandrina fatratra sy mikolokolo ianao eo amin'ny fifandraisanao amin'ny ankohonanao, dia hiaro ny fifandraisana izany safidy izany ary hisoroka ny ratra ara-pihetsehampo izay mety hiafara amin'ny fahafatesan'ny fifandraisana.

Inona àry ny andraikitry ny vady (lehilahy) eo anatrehan'ny fihetsehampo voaratra? Manan-jo ve izy hilaza teny mandratra amin'ny vadiny ihany koa, satria nilaza zavatra nampalahelo taminy ramatoa? Mazava loatra fa tsia ny valiny. Raha ny marina, eo indrindra aza no fotoana hifampiresahana amin'ny fahasovana, dia ny famaliana amin'ny fomba araka izay tsy mendrika azy. Izany no tena hevitra ny fahasovana. Eo no ilàn'ilay lehilahy ny fijanonana anatin'ny faritra voafehiny sy hahalala mialoha izay tokony hatao. Eo no tokony hiato izy, hieritreritra ary hifidy ny teny tokony holazaina, mba hihazonana ny fifandraisan'izy mivady ho salama sy mafy orina, na inona na inona nolazain'ny vadiny.

Marina tokoa fa olombelona isika rehetra ka na dia tsy mikendry ny handratra ny ao amin'ny ankohonantsika aza isika, dia fantatra fa hisy fotoana hilazantsika na hanaovantsika zavatra izay mampalahelo azy ireo. Rehefa mitranga izany dia eo no fotoana tokony hialantsika tsiny; fotoana tokony hidirany ao amin'ny faritra voafehiny izany noho izay nataony, fa tsy manome tsiny ny hafa ho mora tohina loatra indray. Eo ilay vehivavy no tokony hiala tsiny noho ny alahelo naterany teo amin'ny vadiny, na dia tsy nikendry hanao izany aza izy. Eo indrindra no tokony hiato sy hieritreritra izy ary hisafidy ny valiny mety indrindra mba hanorina fifandraisana matanjaka sy salama kokoa miaraka amin'ny vadiny.

Jak. 1:19: "Fantatrareo izany, ry rahalahy malalako. Kanefa aoka ny olona rehetra halady hihaino, ho malai-miteny, ho malain-ko tezitra".

Raha mihevitra àry isika fa ny vehivavy na ny ankizy no tokony halady hihaino sy tsy hamaly avy hatrany, dia izao no torohevitra feno fahendrena avy amin'ny Baiboly: "aoka ny olona rehetra halady hihaino, ho malai-miteny, ho malain-ko tezitra". Izany dia midika fa tsy misy olona na dia iray aza ao amin'ny ankohonana ka tsy tompon'andraikitra amin'ny fifampiresahana tsara, dia ny fifampitenenana amin'ny fahasovana izany. Ary matetika ny firesahana tsara dia miantomboka amin'ny fianarana mihaino tsara mba hanatsarana ny fifandraisana eo anivon'ny fianakaviana.

## Dinidiniky ny mpianakavy

1. Ahoana ny fahatsapanao ny fomba fiteny ao an-tokantrano?
2. Ahoana ny fomba hanatsarana ny fomba firesaka mba tsy hiteraka fanafintohinana ny hafa?